Écrit par Redaction
Mercredi, 28 Septembre 2016 15:17 - Mis à jour Mercredi, 28 Septembre 2016 16:22




***Décidément, il y a des créatures qui ont de la suite dans leurs idées sataniques (et non pas machiavéliques, car manquant d'intelligence).***

Ainsi, ces petits malins croient qu'ils ne seront jamais découverts. Nous verrons bien. Pour le moment, on sait déjà qui finance cette facette de la cybercriminalité. A l'approche du 29 septembre 2016 qui annonce un risque de grand chambardement dans la région Miarinarivo-Soamahamanina, ils veulent faire croire qu'Augustin Andriamananoro est connecté. Grave erreur, la photo ci-dessus date du 21 septembre 2016 et c'est sa dernière publication sur son vrai et authentique profil facebook. Après cette date, tout profil au nom d'Augustin Andriamananoro avec des publications postérieures à cette date, est une usurpation.

Une demande de vérification chez Facebook U.S.A. est en cours et on verra les résultats... Là-bas ce n'est pas Madagascar et sa ne blague pas lorsqu'on cherche à nuire un autrui. Par conséquent, pour nous, cet article peut être considéré comme un début de plainte et Augustin Andriamananoro, vice-président du groupement MAPAR, ne saurait être l'auteur ni le responsable des publications en son nom datées après le 21 septembre 2016. Si le patriotisme n'est pas un crime, l'usurpation d'identité à des fins politiques ou non l'est.

*****************

Eo anatrehan'ny fampiasana sy ny fanaovana hosoka sady fisandohana ny anaran'i Augustin Andriamananoro, Filoha lefitry ny vondrona MAPAR, izay ezahin'ireo ratsy fanahy ho lotoina amina fanambarana mifanalavitra amin'ny tanjon'ny vondrona, dia manambara izahay fa tsy mbola nisera ary tsy nanao fanambarana tao amin'ny tambam-jotra Facebook ny tenany,

nanomboka ny alarobia 21 septambra 2016, andro nanoratany farany ao aminy Facebook tena azy,sy nametrahany io sary ambony io. Marihina f'efa misy fanantonana any aminy Facebook U.S.A.mikasika io fisandohana io, izay tafiditra indrindra ao amin'ilay hoe *« cybercriminalité »..* . Tsy eto Madagasikara moa ny Foiben'ny Facebook ary lalàna iraisam-pirenena no mifehy azy rehefa misandoka anaran'olona ezahina lotoina amina fanambarana vao maika koa sandoka.

Mazava be ny tanjona ankatoky ny 29 septambra 2016 andro izay mety hisian'ny zavatra tena mafana any amin'ny fatritr'i Miarinarivo sy Soavinandriana. Raha tsy heloka ny Fitiavan-Tanindrazana, ny fisandoana anaran'olona amina antony politika kosa dia heloka be vava eo anatrehin'ny lalàna iraisam-pirenena. Efa fantam-patatra ihany ny mpanome vola an'ireo ratsy fanahy ireo. Ity lahatsoratra ity dia fiantomboan'ny fitoriana sy fanambarana ara-pomba ofisialy fa tsy tompon'antoka izay fanambarana hita ao aminy Facebook mitondra ny anaran'i Augustin Andriamananoro, aorian'ny datin'ny 21 Septambra 2016.

**www.madagate.org**